REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA

*Alarobia 18 may 2022 – Lapam-panjakana Iavoloha*

Notanterahina androany ny Filankevitry ny Minisitra izay notarihin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina ary nahitana ny Praiminisitra sy ireo Minisitra isan-tokony.

## I- FAMPITANA AM-BAVA

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Nankatoavina ny fanafoanan-ketra amin'ny fanafarana fonosana miisa 11 ahitana fitaovana, ho an'ny ivontoeram-pitsaboana LE BON SAMARITAIN,** izay misehatra sy miasa ho an'ny vahoaka sahirana sy marefo.

**MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA**

**Nankatoavina ny fandaharan'asa-panatanterahana ireo « Nouveaux projets d'Emergence » an'ity Minisitera ity ho an'ny fahazoana fitaovam-pitaterana misy kodiarana na « matériels roulants ».**

Ireo fitaovam-pitaterana misy kodiarana ireo dia natokana ho an'ireo fitalevam-paritry ny Filaminam-bahoaka ao Miandrivazo – Belo Tsiribihina – Manja – Morafenobe – Maintirano - Farafangana – Ampanihy – Morombe – Betroka – Antsalova – Mahabo – Ambatofinandrahana-Andilamena – Ankazoabo – Beroroha - Bealanana - Tanambao Manampotsy – Morondava – Maevatanàna - Toliary - Tsiroanomandidy

**Nankatoavina ireo fandaharan'asam-panatanterahana ireo « Nouveaux Projets d'Emergence » an'ity minisitera ity ho an'ny fahazoana fitaovam-pitaterana misy kodiarana (matériels roulants) mba ahafahana mampandeha sy mampiodina ireo kaomisarian'ny Filaminam-bahoaka, araka ny fampanantenana nataon'ny Filohan'ny Repoblika, dia ireo kaomisaria any Ankazobe – Benenitra – Mandritsara – Ikongo - Tsaratanàna ary Antsiranana.**

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

**Nankatoavina sy nomena alalana ny fanorenana kianja mitafo mahazaka olona 4 000 isa ao Mahajanga, eo amin'ny ampahan'ny arabe anelanelan'ny toeram-panorenana sy ny Lycée Philibert TSIRANANA, sy ny fanomezana ireo fotodrafitrasa fanonerana ho an'ny Fikambanana « Tennis Club de Mahajanga ».**

Ny fanorenana io kianja mitafo ahitana toerana 4000 isa io eo amin'ilay ampahan-dalana voakasiky ny tetikasa, mifanaraka amin'ny drafitra nohamarinin'ny mpitantana ny tetikasa sy ny fanakatonana azy vonjimaika, dia hiantoka ny fiarovana ny toeram-panorenana ary koa ny fanomezana an'ny TCM ireo kianja fanaovana tenisy vaovao sy ny trano vaovao fanonerana

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA**

**Nankatoavina ny handraisan'ny Fanjakana an-tanana ny hetra tambatra amin'ny fanafarana fitaovana sy fampitaovana nataon'ny « Agence de Coopération Internationale (JICA) ho an'ny Tetikasa PAPRIZ III.**

**Nankatoavina ny handraisan'ny Fanjakana an-tanana ny hetra tambatra amin'ny fanafarana fitaovana sy fampitaovana ary kojakoja fanaovana fitiliana an'ny « Laboratoire National de Diagnostic Vétérinaire » (LNDV).**

Ny « Laboratoire National de Diagnostic Vétérinaire », sampan-draharaha iray eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana, dia misahana ny fitiliana ny aretin'ny biby eto amin'ny firenena. Izy io dia nisitraka ny Tetikasa « MAG 5028 : Developping food safety laboratory capabilities », mandritra ny 2022-2023, izay mikendry ny hanamafisana ny fahaiza-manaon'io ivo-pitiliana io amin'ny fikarohana ireo sisam-panafodim-biby any anaty ny sakafo, mba hiantohana ny fiarovana ara-pahadiovana.

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA + MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY FANANAN-TANY + MINISTERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA, NY VAROTRA SY NY FANJIFANA**

**Nankatoavina ny hikarakarana ny Fihaonambem-pirenena momba ny fambolena sy fiompiana, ny 16,17 ary 18 jona 2022 ao amin'ny Centre de Conférence Internationale (CCI) Ivato.**

Ao anatin'ny tanjona lehibe ho fampiroboroboana ny fampiasam-bola eo amin'ny sehatry ny Agri-business, io Fihaonambem-pirenena io dia mikendry ny :

- Hampifandray ireo tompon-tany (olona na fikambanana) amin'ireo mpampiasa vola eto an-toerana
- Hamolavola sy hametraka ireo tetikasa fampiasam-bola ho an'ny tany tsirairay efa fantatra ary indrindra ny fampivondronana ara-pambolena amin'ny tanim-panjakana ;
- Hamorona asa, indrindra ho an'ny tanora, amin'ny alalan'ny fampiharana ny rafitra « Titra maitso »

Hisy karazany efatra ireo mpandray anjara amin'io « Forum » io : ireo mpandraharaha ara-toekarena, ireo tompon-tany na ireo mpitarika tetikasa, ireo mpividy ny vokatra ary ireo mpamokatra na vondrona mpamokatra.

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA SY FANOVANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA**

**Nankatoavina ny fampitàna am-bava momba ny fanaovana maoderina ny Paositra Malagasy sy ny fananganana bankin'ny Paositra.**

Izany dia mifanandrify amin'ny Velirano faha 11 nataon'ny Filohan'ny Repoblika, ny haha maoderina an'i Madagasikara, amin'ny fanomezana ainga vaovao ny tontolo ara-tsosialy sy ara-toekarena sy ny fomba fitantanana ny firenena.

Ho fanarahan-dalàna, ary indrindra andaniny, mba hampaharitra ny fandaharan'asan'ny Fanjakana izay mifototra amin'ny karatra e-Poketra, sy ankilany, hanamarinana ny rafitra fiasa ara-drafitra sy ny fanitarana ny Paositra Malagasy, ho fiantohana vokatra ara-toekarena sy ara-tsosialy ambony indrindra, amin'ny lafiny laza indrindra indrindra, dia tsy azo ihodivirana intsony ankehitriny ny fametrahana fanovàna eo anivon'ny Paositra.

Ny Paositra Malagasy ankehitriny dia homena endrika sy rafitra ara-dalàna, hiantoka ny fahafahany manatanteraka ireo asa fototra napetraka aminy. Hisy ny fananganana orinasa hiankina aminy, manaraka ny fenitra takian'ny lalàna sy ny fitsipika manan-kery. Io orinasa io dia hanatanteraka ny asana banky.

**SEKRETARIAM-PANJAKANA MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

**Nankatoavina ny fahazoana fitaovana fitaterana misy kodiarana an'ny Zandarimariam-pirenena (fitaovana mikorisa miisa 188, moto cross miisa 178 ary fiara pick-up miisa 10).**

Vondron'ny Zandarimaria miisa 82 izay misandrahaka any anivon'ny faritra 23 no hisitraka ireo fiara an-tanety miisa 188 ireo, izay hozaraina eny anivon'ireo « Centres Spéciaux d'Aguerrissement Opérationnel » (CSAO) miisa 08 avy natsangana vao haingana. Hahazo ny anjarany amin'izany ihany koa ireo Vondrona fototra any amin'ireo faritry ny Zandarimariam-pirenena miisa 06.

## II- FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Noraisina ny didim-panjakana manendry ny « Administrateur non-exécutif » an'ny Banky Foiben'i Madagasikara avy amin'ny Antenimieran-doholona.**

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA**

**Nankatoavina ny volavolan-dalàna manome alalana ny fankatoavana ny fifanarahana fampindramam-bola mifandraika amin'ny famatsiana vola ny tetikasa fiomanana amin'ny valan'aretina sy fanomezana tolotra fahasalamana fototra, izay nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny « Association Internationale de Développement » (IDA) tamin'ny 18 aprily 2022.**

Ho fiatrehana ny valan'aretina toy ny Covid-19 sy ny fihanaky ny areti-mifindra, ny Governemanta malagasy dia nahazo fanohanana ara-bola avy amin'ny « Association Internationale de Développement », tamin'ny alalan'ny famatsiam-bola mitentina 72 000 000 DTS (fanomezana ny 36 000 000 DTS ary fampindramam-bola ny 36 000 000 DTS), izany hoe 100 800 000 USD (fanomezana ny 50 400 000 USD ary fampindramam-bola ny 50 400 000 USD).

Tanjon'izany ny hanamafisana ny fahaiza-manao eo amin'ny samy sehatra mba hisian'ny fiaraha-miasa eo amin'ny fanaraha-maso ireo aretina sy hiatrehana ireo valan'aretina ary hanatsaràna ny fampiasàna ireo tolotra ara-pahasalamana tena ilaina.

## III- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY NY SAMPANDRAHARAHA NY FANANAN-TANY**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-968 tamin'ny 29 septambra 2021 ary manendry an'**Atoa. TANDRA Hyacinth Hermann,** ho "Directeur de l'Audit Interne" eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Sampandraharan'ny Fananan-tany

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa. RABARIVELO Sedera Tianamitandrina,** ho « Directeur des Systèmes d'Information auprès de l'Autorité de Régulation des Marchés Publics » eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola..

**MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2015-1427 tamin'ny 24 oktobra 2015 ary manendry an-**dRamatoa DANAHY Dama Flavelle**, ho Sekretera Jeneraly eo anivon'ny eo anivon'ny Prefektioran'i Toamasina.

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA, NY VAROTRA SY NY FANJIFANA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry **an'Atoa RANDRIAMIALISON Tsimbazafy Yvon,** ho « Directeur de l'Audit Interne et de la Lutte Anti-Corruption » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana

**MINISITERAN'NY FIZAHANTANY**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa. BARIVELO Danny,** ho « Directeur de la Valorisation des Produits Touristiques » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fizahantany.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa. LAHIANDRY Manampisoa,** ho Tale Iraisam-paritry ny Fizahantany any Anosy – Androy eo anivon'ny Minisiteran'ny Fizahantany.

**MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1046 tamin'ny 06 oktobra 2021 ary manendry an-d**Ramatoa FIDIHELINOSY Vonimalalaniaina Hasina**, ho « Directeur de la Planification et du Suivi Evaluation » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famatarana ny Toetrandro
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1087 tamin'ny 13 oktobra 2021 ary manendry an'**Atoa. RANDRIANASOLO Jean Patrick**, ho « Directeur Général des Transports Maritime, Fluvial et Aérien » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famatarana ny Toetrandro.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-**dRamatoa RANDRIANARIVO Iravaka Helitiana**, ho « Directeur des Transports Ferroviaires » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro.

**MINISITERAN'NY ASA VAVENTY**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1238 tamin'ny 08 desambra 2021 ary manendry an'**Atoa. SOLOFONIAINA Nomenjanahary**, ho Talem-paritry ny Minisiteran'ny Asa Vaventy ao Amoron'i Mania
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa. RANAIVOSOA Peterson Leonardo,** ho « Directeur des Etudes et de l'Evaluation Environnementale » eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-094 tamin'ny 27 janoary 2021 ary manendry **an'Atoa. KOFOKY Christian Félix**, Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fiompiana ao Bongolava
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-857 tamin'ny 24 aprily 2019 ary manendry an-**dRamatoa RAKOTOARIZAFY Anjara Tongasoa Mirana**, ho Talem-paritryny Fambolena sy Fiompiana ao Betsiboka.

**MINISITERAN'NY ASA TANANA SY NY HAITAO**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa. RANDRIANASOLO Didier France,** ho Talem-paritry ny Asa Tanana sy ny Haitao ao Vatovavy

**SEKRETARIAM-PANJAKANA MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1976 tamin'ny 16 oktobra 2019 ary manendry ny **Général de Brigade RALAIVAONARY Andrianoasy D'y la Paix**, ho « Directeur de la Gestion du Personnel » eo anivon'ny Kaomandin'ny Zandarimariam-pirenena

## IV- FANAFOANANA

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-585 tamin'ny 26 may 2021 nanendry ny « Directeur du Centre Régional de Formation pour l'Océan Indien » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.

**Natao ny 18 may 2022**
**Ny Fitaleavan'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Daholobe**
**eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**